



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha • Tanindrazana • Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Masoivohon'i Romania etoMadagasikara : manohana ny fanamafisana ny fifandraisana misy eo amin'ny firenena roa tonta

Noraisin'ny Filohan'ny Repoblika Andry Rajoelina androany alarobia 27 marsa maraina teny lavoloha ny taratasy manendry ny Masoivoho vaovaon'i Romania hiasa eto Madagasikara, Atoa hajaina Marius Constantin Boraneseu.

Nanambara ity Masoivoho vaovao ity fa ny fanamafisana ny fifandraisana miaraka amin'i Madagasikara dia anisan'ireo laharam-pahamehana eo amin'ny Politika ivelany ho an'i Romania. "Maniry izahay, hoy ny tenany, ny hanamafy ny dinika politika miaraka amin'i Madagasikara, eo ihany koa ny hanamafy orina ny fiarahamiasa eo amin'ny Firenena roa tonta mikasika sehatra maro, indrindra ny fifandraisana ara-barotra, ny fizahantany, ny fambolena, ny fanabeazana ary ny tekinaolaojia" hoy Atoa hajaina Marius Constantin Boraneseu.